# COMPOSITION 3ème TRIMESTRE

**Session : Juin 2013**

**Provisorat Adjoint**
**Lycée Andohalo**

Laza Adina : **MALAGASY**
Faharetany : **Ora TELO**
Kilasy : **FAHAROA**

---

I. <u>FANONTANIANA MOMBA NY LESONA</u> : (Isa 10)

1. Inona no anaran'ilay vola atolotra mialoha ny hanombohana ny resaka amin'ny kabary ampanambadiana? (Isa 2)
2. Omeo ny famaritana ny atao hoe "fahafahana". (Isa 2)
3. Manomeza lohatenina boky roa nosoratan'i Rado. (Isa 2)
4. Manomeza tara-kevitra roa hita tany anaty literatiora malagasy tamin'ny vanim-potoana fiforetana anaty. (Isa 2)
5. Inona no anaran'ny gazety malagasy voalohany? (Isa 2)

II. <u>FANADIHADIANA LAHATSORATRA</u> : (Isa 10)

AINGA

Moa hanaiky lava izao
Ireo karazam-panitsahana
Ry rahalahiko mifohaza! fa miankina aminao
Dia handrobona indray ilay otrikafom-pahafahana!
Injay migadona ny ora
Henoy fa velona ny akora
Eny miova ny tantara!
Fandemena hatramin'izay ny hoe: "izao no anjara"
Mitrakà ry miondri-dava! Avalony izao ny lasa!
Aoka izay ny fandeferana ry namako tantsaha sy mpiasa
Mijoroa fa eran-tany ireo "mpitrongy" namanao
Indreo mihiaka kiakan'ady sy miantso hoe: "ANDAO"
Mandrosoa ry nopempoina, noterena mba hangina
Atambaro izao ny ainga, indro ny firaisan-kina
Akopahy ny faneva!... Ampy izay ny samy irery
Fa ny kely aza, hono, no miray dia tonga hery
Gofy izao ny "aleoko maty" toy izay andevon'olona
Raha tsy afaka na lava tsy mitsahatra ny tolona!

DI. Haisoratra sy fiaraha-monina. BETOPER,
tak. 116. Nov 1969

<u>FANONTANIANA:</u>

Hadihadio ny lahatsoratra ka asongadino amin'izany :

1- Ny fahitana ny fangejana teo amin'ny fiaraha-monina.
2- Ny fomba atao mba hahazoana fahafahana. .

<u>ASA TAKIANA</u>:

- Teny fampidirana
- Drafitra antsipirihany (fafana)
- Teny famaranana.

# COMPOSITION 3ème TRIMESTRE

**Session : Juin 2013**

**Provisorat Adjoint**
**Lycée Andohalo**

Laza Adina : **MALAGASY**
Faharetany : **Ora TELO**
Kilasy : **VOALOHANY A – C - D**

---

**LAZA ADINA I** : (Tsy maintsy valiana) (Isa 6/20)

1. Farito ny atao hoe : « Fanagasiana » araka ny voalazan'i E. Daniel ANDRIAMALALA. (0,5 pt)
2. Tanisao araka ny filaharany ny lohatenin'ireo fizarana lehibe ao amin'ny boky: « Ny Fanagasiana ». (0,5 pt x 3)
3. Lazao ny anaran'ny mpanjaka nipetraka tao Antongona ary tamin'ny taona firy? (0,5 pt x 2)
4. Milazà anton-javatra roa nahatonga ny fomba fiteny hoe:«Efa ho lava toy ny afon'Antongona » (1ptx2)

**LAZA ADINA II** : (Isafidinana ny laza adina A sy B) (Isa 14/20)

*A. FAMAKAFAKAN-KEVITRA.*

Hoy ny mpandinika iray hoe : «Be ny manam-pahaizana fa vitsy no manam-pahendrena».
Fanontaniana: Fakafakao.
N.B. Asa feno no takiana eto.

*B. FANADIHADIANA LAHATSORATRA :*

Ny rariny sy ny hitsiny.

Ny fitondrana tsy mitovy, ny fiangarana amin'ny fitiavana, ny tsindrihazolena, ny hetraketraka, ny fanalikana, ny tahotaho-poana, ny fanosihosena, ny halozàna, dia samy toetra tsy ara-drariny avokoa. Tsy azo leferina ireo, ka hoy ny Ntaolo: « Ny hitsiny tsy aritra, ny rariny tsy enti-mandefitra ». Nefa indray ampiana hoe : « lanjalanjao mialoha, fantaro ny amidy vao miady varotra, ndrao mbola misy fanafodiny ihany, ndrao mbola misy raharaham-pihavanana ihany sy teny mora azo atao, fa ny fo tezitra tsy ananan-drariny ».

Raha misy toe-javatra miseho toa famelezana ny tena, dia dinihina tsara aloha. Aoka ho fantatra mazava vao manao izay azo atao. Aza malady tezitra ambony ihany : fa « raha tezitra alohan'ny rariny, dia tsy misy hasiana ny hitsiny ; fa fisaka ny rariny, ary ny isavasavana ny tahony, hahitana ny fotony ; fandrao ny kary no manao ny ataony, ka ny saka avy no voatapa-drambo ». Nefa kosa, « na amboako na amboan'olona, rehefa vandana dia kary ». Rehefa ratsy dia ratsy mandoto tany sy fanjakana.

Joseph RAKOTONIRAINY
in *Ny Tsaran'ny Razantsika*, tak. 22

Hadihadio io lahatsoratra io, ka asongadino amin'izany ny maha zava-dehibe ny fampiharana ny rariny sy ny hitsiny eo anivon'ny fiaraha-monina.
N.B: Asa feno no takiana eto.

# BACCALAUREAT BLANC

Session : Juin 2013

**Provisorat Adjoint**
**Lycée Andohalo**

Laza Adina : **MALAGASY**
Faharetany : **Ora TELO sy sasany**
Kilasy : **FAMARANANA A**

---

N.B. : - Tsy maintsy atao ny laza adina I
- Isafidianana ny A sy B ao amin'ny II

I. **Tsy maintsy valiana** : (isa 6)

1. Iza avy ireo mpanoratra telo nalaza nanao fanentanana tao amin'ny gazety Fandrosoam-baovao mba hanarenana ny tononkalo malagasy tamin'ny vanim-potoana mitady ny very?
2. Manomeza antony telo itsimbinan'ny olona ny ainy.

II. **LAZA ADINA** : Isafidianana (isa 14)

A - *FAMAKAFAKAN-KEVITRA*.

Hoy ny mpadinika iray raha nanisy resaka mikasika ny mpanoratra : «Ilay mahita ny tsy hitan'ny sarambaben'ny olona ny mpanoratra»

Fakafakao sy tsikerao.

B - *FANADIHADIANA LAHATSORATRA :*

Ny Fandrosoana

(…) « Saingy izao no mahonena
Ilaozana ny fahendrena
(…) Ny harena no tompoina
Ny maha olona lotoina
Ka hatramin'ny safidy
Ankehitriny no amidy
(…) Ny vola sisa no andrianina
Vao tandindoniny dia fanina
Ka avadika ny marina
Teti-dratsy no ampiharina
Ary tsy mihambahamba
Ny manao ampihi-mamba
Jamban'ny fitiavan-tena
Ka ny hafa no hosena »

RAZAFIARIVONY Wilson. Tovozin-tsy ritra 5

Hadihadio io tononkalo io.

# BACCALAUREAT BLANC

**Session : Juin 2013**

**Provisorat Adjoint**
**Lycée Andohalo**

Laza Adina : **MALAGASY**
Faharetany : **Ora TELO sy sasany**
Kilasy : **FAMARANANA C - D**

---

I. **Fanontaniana tsy maintsy valiana**: (Isa 6/20)

1. Tanisao araka ny filaharany ny lohatenin'ny fizarana telo voalohany ao amin'ny « Vakivakim-piainana » izay nosoratan'Iharilanto Patrick Andriamangatiana ? (Isa 3)
2. Manomeza toetra telo ananan'ny aina? (Isa 3)

**LAZA ADINA ISAFIDIANANA**: (Isafidianana ny laza adina A sy B) (Isa 14/20)

*A. FAMAKAFAKAN-KEVITRA.*

Hoy Ny Vatolampy : «Ny zaza mandimby ankehitriny dia milaza fa fananana raraka am-bovoka ny harena laniana amin'ny Razana ».
Fakafakao.

*B. FANADIHADIANA LAHATSORATRA :*

a) Lahatsoratra:

Mitsangam-bolo ny tenan-dRajao manontolo ; mihorona ny hodi-dohany mieritreritra ity loza mitatao. Misaintsaina izany izy dia miteny irery hoe ; « indrisy ity vintan-dratsiko » sady misento lalina.

Rehefa misy fahavoazan'ny olona moa dia ny vintana mazàna no omen-tsiny ; ny lahatra no soketainy ; ny anjara no ampangainy ; ny fitondran'Andriamanitra no anilihany andraikitra. Rehefa mahita fahombiazana anefa izy na tojo fahasoavana, fa sendra fitahiana na nahazo fanambinana dia mizahozaho erỳ.

Lazaina fa ny safidiny, ny fikelezany aina, ny finiavany, ny fiezahany ary ny sainy matsilo no nahatafita azy. Eny, ry fiainana, mahavelona eritreritra fatratra ny momba anao (…)

Razafiarivony Wilson in-Tombokavatsa

b) Fanontaniana :

Hadihadio io lahatsoratra io.